TATITRA

FAMPIOFANANA NY VEHIVAVY HILATSAKA HOFIDIANA BEN'NY TANANA NA MPANOLONTSAINA NY KAOMININA DINGANA FAHA 7-8

Firenena: Madagasikara

Koaminina: Sakaramy

Toerana: Hôtel AUBERGE AMBOHITSARA

Daty: 16 -17-18 Desambra 2014

Ireo mpizaika

Sary: YASMINE

FIZAHAN-TAKILA

FANOLORANA **3**
TANTARA **5**
FIZOTRY NY ATRIKASA **6**
FAHATRATRANA NY TANJONA **20**
IREO FANAMBY **20**

TOVANA

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA **21**
TOVANA B: FANAMARIHAM-PAHATONGAVANA **23**
TOVANA C: TOMBAN'NY ATRIKASA **25**

FANOLORANA

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina tao amin'ny kaominina ambanivohitr'i Sakaramy ny 16, 17, 18 Desambra 2014 tao aminy Hotel Aubèrge Ambohitsara.

Atrikasa izay natrehan'ireo vehivavy rehetra izay mananana faniriana hilatsaka Ben'ny Tanàna na mpanolontsain'ny Kaominina.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny fampahafantarana bebe kokoa ny fampifandraisana ny Miralenta amin'ny fampandrosoana maharitra. Ny andraikitra sahanin'ny Ben'ny tanàna sy mpanolontsaina ny Kaominina fa indrindra indrindra ny fananan'izy ireo ny tetik'asam-piaraha-monina izay mirakitra ny filàn'ny mponina rehetra ao anatin'ny faritra ilatsahana. Io no fitaovana entina miatrika ny fampielezan-kevitra mba handresen-dahatra ny mpifidy sy hanatanterahana ny asa hatao rehefa lany mba hipetrahan'izany fampandrosoana eny ifotony izany.

Lohahevitra valo no nodinihina teto nandritra ny telo andro:

Lohahevitra voalohany: Ny miralenta

Izay nandalinana ireo hevitry ny mpandray anjara rehetra mahakasika io voambolana io. Koa maro ny mbola mampifangaro ny atao hoe miralenta sy ny fitoviana lahy sy ny vavy amin'ny lafiny rehetra.

Lohahevitra faharoa: Ny fiheverana raikitapasaka

Rehefa tsapan'izy ireo ny natao hoe miralenta tamin'ny lohahevitra hita teo ambony dia moramora tamin'izy ireo ny nandalina ny raikitapisaka izay sakana ny fampandrosoana amin'ny faritra misy azy ireo. Satria mbola misongandina be ireo toetra novolavolain'ny fiaraha- monina.

Lohahevitra fahatelo: Ny miralenta sy fitondram-panjakana

Izay nentina nijery ireo sakana ny vehivavy tsy tafiditra amin'ny fitondrana. Ary raha tafiditra koa izy dia inona koa ny sakana mahatonga azy ireo tsy mampandroso.

Lohahevitra fahaefatra: Dingana arahahina mahakasika ny fifidianana.

Mahakasika ny zo sy adidy ary andraikitra ny tsirairay manoloana ny fifidiana indrindra ny olona hilatsaka ho fidiana.

Lohahevitra fahadimy: Ny tetika sy paika hahatongavana amin'ny Miralenta

Tsara ny hahafantaran'ireo mpandray anjara rehetra mahakasika ny filàn'ny olona tsirairay eo anivon'ny fiaraha-monina misy azy mba hanamora ny famahana ny olana sy fitadiavana paikady entina hamahana ny olana.

Lohahevitra fahaenina : Ny fanapariham-pahefana sy fanapariam-pitondrana.

Alohan’ny handraisana ny fitondrana tsara ny hahafantarana ireo ratsa-maingaka rehetra aminy Firenena. Eo koa ny fahafantarana ny andraikitra sahanin’ny Ben’ny Tanàna na mpanolotsainan’ny Kaominina manoloana ny asa izay hatao.

Lohahevitra fahafito: Ny fandraisana fitenenana imasom- bahoaka.

Anisan’ny zavatra tsara ho fantatra ny olana hilatsaka hofidiana ny miteny eo imason’olona mba hialàna amin’ny teniteny faritana sy fitenenana zavatra tsy mahasarika ny mpihaino koa nampafantarina ny mpandray anjara teto ny tetika entina miteny rehefa mandray fitenenana na eo anatrehann’ny vahoaka na eny amin’ny fahita lavitra sy haino aman-jery.

Lohahevitra fahavalo: Ny tetikasam-piarahamonina

Ny fomba fandrafetana ny tetikasam-piarahamonina izay mamaly ny filàn’ny mponina amin’ny fokontany tsirairay avy sy miendrika miralenta.

Maro ireo vehivavy tonga namaly ny antso izay avy amin’ny antoko tsy miankina ny ankamaroany (Jereo Tovana A: Lisitry ny mpandray anjara)

Araky ny hevitry ny maro dia nanampy betsaka amin’ny fiatrehana fifidianana ity atrikasa ity. Porofon’izany ny valin’ny tombana izay nofintinina ao amin’ny Tovana B.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

Fanokafana amin'ny fomba ofisialy

Alohan'ny nanombohan'ny atrikasa dia nisy ny fandraisam-pitenenanana nataon'ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Sakaramy RAMISILAHY Vincent sy ny Solentanan'ny Gender Links Ialfine PAPISY izay natrehan'ireo mpampiofana avy amin'ny Gender Links eto an-toerana AMINA sy ANDRIANTSOLY Yasmine. Naneho ny fisaorana ny Gender Links Andriamatoa Ben'ny tanàna, RAMISILAHY Vincent nohon'ny nisafidianana manokana ny Kaominina Sakaramy sy ny hanatontosaina ity atrikasa fampiofanana ireo vehivavy maniry hilatsaka hofidiana Ben'ny tanàna sy Mpanolotsaina amin'ny fifidiana ho avy izao.

Manaraka izany dia samy naniry ny hitoizan'ny fiaraha-miasa ny roa tonta aorian'ny fifidianana mba hanara maso ireo loahevitra rehetra izay natao fa indrindra ny fanatanterahana ny tetikasam-piarahamonina.

Taorian'ny fanokafana ofisialy dia novelabelarina avy hatrany ireo tanjona tiana ho tratrarina amin'ity atrikasa ity izay hatao anatin'ny telo andro araka ny fandaharam-potoana izay naseho.

Fanokafana tamin'ny fomba ofisialy: Ben'ny Tanàna sy solontenan'ny Gender Links

Fampiasana sy fampiharana

Natomboka tamin'ny fifankahalalana sy vokatra andrasan'ny mpandray anjara rehetra ity atrikasa ity. Tsikaritra fa samy tia hahalala bebe kokoa ny andraikitry ny ben'ny tanàna sy mpanolontsaina avy ny tsirairay mba hialana amin'ny tsy fandrosoana. Araka voalazan'ny mpandray anjara dia ny tsy fahaizana andraikitra no tena mahatonga ny vehivavy tsy mahasahy mandray anjara amin'ny fampandrosoana. Eo koa ny tsy fahafantarana ny zon'ny vehivavy sy andraikitra mety sahaniny.

1- MIRALENTA

Heno andavanandro ihany ity voambolana MIRALENTA ity saingy ny famaritana azy no tsy fantatra mazava tsara ka lasa mandray vilana ny vahoaka. Raha niresaka ny miralenta ny mpampiofana tonga dia nolazain'ny mpizaika fa fotoanan-tsika vehivavy izao. Anjaran'ny vehivavy indray izao ny fitondrana sy ny fahefana rehetra. Ka lasa fanaovana anjorombala ny lehilahy raha ny fandraisan'izy ireo ity voambolana ity no jerena. Rehefa nazavaina ny foto-kevitra ijoroan'ny miralenta dia nazava tsara tamin'izy iro fa ny fiaraha-mientan'ny lahy sy ny vavy amin'ny sehatra fanapahan-kevitra no tena ijoroan'ny miralenta. Samy mandray anjara koa amin'ny fampandrosoana na ny lehilahy na ny vehivavy. Ka izany no nisarika nidirana amin'ny lohahevitra faharoa dia ny raiki-tapisaka.

Fampiasana tamin'ny fanavahana ny asa ny lahy sy vavy

2- FIHEVERANA RAIKI-TAPISAKA

Eny ambanivohitra no tena ahitana ny fibanjinan'ny raiki-tapisaka izay anisan'ny sakana mahatonga ny vehivavy tsy mandray anjara amin'ny fampandrosoana. Tamin'ny alalan'ny fampiasana isan-tarika no nandalinana izany.

TARIKA 1: Nijery ireo hira mampisongadina ny lehilahy:

- Agnabo lehilahy agnabo fombany (Dedesse)
- Fomban'ny lehilahy manambola mampirafy (Fenoamby)
- Lehilahy tsy mba ratsy (Mille Clement)
- Iza no diso (Clo Mahajanga)
- Samy mahery (Tence Mena)
- Vadiko tsy hialako (Bemalaza)
- Ny vehivavy fanaja (Lola)

VAHAOLANA naroso: Fanavaozana ny fomba miendrika raikitapisaka sy fanofanana ny mpanakanto amin'ny famoronana hira miendrika miralenta.

TARIKA 2: Nijery ny fomba amam-panao sy kolon-tsaina

- Ny lehilahy no mijoro
- Ny lehilahy ihany no mitendry valiha na acordeon
- Ny lehilahy no mikabary na amin'ny hafaliana na amin'ny haratsiana
- Ny zaza vavy 16 taona dia efa alefa manambady mba hahazahoana omby
- Ny lehilahy tsy mba vamba
- Ny lehilahy no mangata-bady

VAHAOLANA : Tokony ampitovizina ny zon'ny ankizy lahy sy ankizy vavy amin'ny fianarana. Raha mbola mazoto mianatra ilay ankizy vavy dia tokony avela mianatra ihany. Tokony miombon-kevitra koa ny ray aman-dreny rehetra na ampianarina azy ireo koa ny vokandratsin'ny fanambadiana mialoha toy ny Fahasimban'ny tranon-jaza.

TARIKA 3: Nijery ny ohabolana, saimbolana, fomba fiteny

- Akoho vavy tsy magnena
- Anti-bavy voky mofo tsisy koragniny
- Anti-bavy nitahin-tomany
- Vodin'ny finesy nanirian'ny mapaza, hafa ny heritreritra hafa ny niboaka
- Tsy hagnano lohalika akoho

VAHAOLANA: Ny fandresen-dahatra ny lehilahy indrindra amin'ny fampiarina ny Miralenta



IREO HIRA, VOAMBOLANA, FOMBA FITENY

3- NY MIRALENTA SY FITONDRAM- PANJAKANA

N ara amin'ny fampandrosoana. Ka hojerena tao ireo sakana mahatonga izany toy ny:

- Tsy fahaizana taratasy
- Tsy fasahiana
- Henatra
- Tsy fananam-bola
- Tsy fazotoana
- Tsy ampy fiofanana
- Tsy fahalalana ny zo
- Ny tahotra
- Tsy fatokisan-tena
- Tsy fahizana miara- monina
- Tsy fahaizana mitarika
- Tsy mahatanty tsikera
- Tsy mahasahy mijoro
- Tsy fifankazahoana
- Tsy fahampian'isa
- Tsy mazoto mijery vaovao

Rehefa hita ny sakana tsy amin'ny fazahoana miditra, ahoana indray ny antony mahatonga ny vehivavy tsy mampandroso raha mahazo fitondrana.

- Tsy fanantanterahana ny lamin'asa talohan'ny fifidianana
- Tsy fampandraisana anjara ny vahoaka amin'ny asa mifanandrify aminy
- Tsy fitovian-kevitra amin'ny mpiara-miasa
- Tsy fahampian'isa ny vehivavy amin'ny fanapahana hevitra

VAHAOLANA:

- Fanaovana laharam-pahamehana ireo fanamby rehetra napetra ka tamin'ny fampielazan-kevitra na ny lamin'asa novolavolaina.
- Firotsahan'ny vehivavy amin'ny fifidianana mba ho maro an'isa amin'ny fanapahan-kevitra



4- NY DINGANA ARAHINA AMIN'NY FIFIDIANA

Raha ny fifidianana no resahana dia maro ny manamaivana izany. Maro ny vahoaka ambanivohitra indrindra ny vehivavy miteny hoe fa anjaran'ny lehilahy ihany no mifidy noho ny fomba fisainana raiki-tapisaka. Teto no nanararaotana ny nampahanfantatra azy ireo momba ny zo sy andraikitra amin'ny maha olombelona. Tsy manavaka ny lahy sy vavy ny zo fa saingy ny fizakana izany ihany no tsy mitovy. Izany hoe manana zo hifidy ny olona mizaka ny zom-pirenenana Malagasy raha feno 18 taona miakatra, manana zo hilatsaka hofidina ihany koa. Tsy manavaka ny lahy na vavy ny filatsahana hofidiana. Ny andraikitra kosa dia torak'izany koa fa saingy ny fomba fisainana raiki-tapisaka no mampisy sakana aminy fandraisana andraikitra.

Misy dingana 3 arahina amin'ny fiatrehana ny fifidianana.

DINGANA 1: ALOHAN'NY FIFIDIANANA: ny tokony hataon'ny mpilatsaka hofidiana

- Ny misoratra anarana anatin'ny lisi-pifidianana
- Manamarina ny lisitra sy mijery koa ny namana rehetra ao anatin'ny lisitra
- Mamantatra ny mpifaninanana (ny hatajahany sy halemeny)
- Mamantatra ireo lalàna rehetra mahakasika ny fifidianana
- Mamantatra ny filàn'ny mponina rehetra isaka ny Fokontany misy
- Manomana ny tetikasam-piarahamonina
- Manomana ny ekipa sy fitaovana ilaina amin'ny fifidianana
- Manao fampielazan-kevitra
- Manao tombana ny fampielazan-kevitra isan'andro mba hentina manarina ny apitso

DINGANA 2: ANDRON'NY FIFIDIANANA

- Manefa ny adidy amin'ny fifidianana
- Manara-maso ny fizotry ny fifidianana
- Manara-maso ny fanisam-bato

DINGANA 3: AORIAN'NY FIFIDIANANA

- Manome fisaorana ireo rehetra nandray anjara tamin'ny fifidianana
- Manantanteraka ny tetikasam-piarahamonina izay hitondra fanovana amin'ny fampandrosoana
- Manarina ny tsy mety natao sady miomana amin'ny dingana manaraka

5- NY HEVITRA SY TETIKA HAHATONGAVANA AMIN'NY MIRALENTA

Tamin'ny alalan'ny fampiasana ny nitondrana ity lohahevitra ity. Nofantarina teto ireo fomba hamaliana ny filàn'ny vondron'olona tsirairay arakaraka ny sokajiny sy ny tranga izay miseho amin'ny fiainan'ny vehivavy. Teo no nampisongadinana ny atao hoe:

-Filàna fototra andavanandro izay mifandraika amin'ny filàna amin'ny fiainana andavan'andro toy ny sakafo, trano, fidiram-bola, fahasalamana, fikarakarana ankizy, fampianarana sy izay rehetra nankinin'ny fiarahamonina amin'ireo vehivavy

- Filàna maharitra mila paikady izay manova ny anjara toerana niheveran'ny fiaraha-monina.

Raha ny trangan-javatra niseho teto no jerena, ny filàna fototra andavanandro dia fanomezana ny sakafo sy vola notadiaviny androany.

Ny filàna maharitra mila paikady indray no jerena dia ny fanomezana fiofanana mba hampaharitra sy hampiroborobo ny asa izay ataony.

6- NY FITSINJARAHAM-PAHEFANA SY NY FANAMPARIAM-PITONDRANA

Nojerena tamin'ity lohahevitra ireo fanavahana ny Fitsinjaraham-pahefana sy Fanapariam-pitondrana ary ny fifandraisany.

Notohizana tamin'ireo ratsa mangaika misy anatin'ny Kaominina sy ny andraikiny:

<u>Andraikitra ny Ben'ny tanàna</u>:

- Manatanteraka ny filan'ny mponina
- Miantoka ny fampandehanan-draharaha sy fampandrosoana ny kaominina
- Anjara raharaha voafaritry ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitry ny Filan-kevitra
- Anjara raharaha amin'ny famindram-pahefana omen'ny Filankevitra
- Anjara raharaha voafaritry ny fahefana manokana natolotra ny Ben'ny Tanàna.
- Anjara raharaha eo ambany fanaraha-mason'ny Filankevitra sy fanaraha-maso ny fitondran-draharaha ataon'ny solotenam-panjakana manana andraikitra eo amin'ny fari-piadidiany.
- Tompon'andraikitry ny filazam-piankohonana.
- Lehiben'ny fitantanan-draharahan'ny Kaominina
- Tompon-andraikitra eo amin'ny toe-karena sy vola

Eo amin'ny lafin'ny Teknika toy ny:

- Miantoka ny fiaraha-miasa amin'ny solontenam-panjakana sy ny sampan-draharam-panjakana

- Tompon’andraikitra amin’ny fanajariana ny velaran-tany, fanajariana sy fintantanana ny velaran-tany, ny voaria sy ny asa fanadiovana
- Miantoka ny fiarovana ny tontolo iainana sy ady amin’ny doro tanety.
- Miantoka ny fiaraha-miasa amin’ny solontenam-mpanjakana sy ny sampandraharam-panjakana
- Tompon’andraikitra amin’ny fanajariana ny velaran-tany, fanajariana sy fintantanana ny velaran-tany, ny voaria sy ny asa fanadiovana
- Miantoka ny fiarovana ny tontolo iainana sy ady amin’ny doro tanety.

Eo amin’ny lafin’ny Fampandrosoana:

- Manomana ireo tetikasan’ny fampandrosoana
- Mandrindra ireo asa mahasahana ny fampandosoana
- Misolo tena ny kaominina amin’ny fifampiraharana amin’ny mpiara-miombon’antoka
- Tompon’andraikitra voalohany amin’ny fahatomombanan-draharaha eo amin’ny kaominina



Andraikitra ny mpanolon-tsaina:

Fahefana manapa-kevitra toy ny :

- Fankatoavana ny teti-bola sy ny kaontim-pitantanana izay asehon' ny Ben'ny tanàna isan-taona
- Fisamboram-bola
- Famerana ny tatao sy ny fitsipika momba saram-pandraisana ny vokatra avy amin'ny vola miditra aminy, hetra, sara sy ny haba isan-karazany
- Famerana ny asa sahaniny ara-toe-karena, ny asa vita sy ny fizarana tombony
- Fanekena hiombona antoka
- Fanekena handray fanomezana sy lova-tolotra

Fahefana hakana hevitra toy ny:

- Fanokafana sy fanovana ireo lalana sy arabe miankina amin'ny andraikiny, raha ny didy aman-dalàna manankery no jerena ary koa ny planina mikasika ny soritra atao fetran-dalana amin'izany (And.36, Andalana 5 amin'ny lalàna 94 008)
- Famaritana sy fandrindrana ny asa atao miaraka amin'ny V P A hafa
- Famaritana ny fomba fandraisana anjaran'ny Kaominina amin'ny asa atao miaraka amin'ny V P A hafa
- Tetikasa fanorenana sy fanarenana, fanapotehana na fandravan

Ny filan-kevitra dia tompon'andraikitra eo amin'ny fandravonana disadisa :

- Ny Filohan'ny Filan-kevitra no manao ny asan'ny fampihavanana sy mpitsara ary mpanelanelana amin'ny ady ataon'ny olona tsirairay na tambabe
- Ny fanapahana mikasika ny fampidirana fitoriana eny amin'ny Fitsarana na ny fanohanana izany amin'ny anaran'ny Vondrom-paritra misy azy



- ny tetikasa rehetra mandeha amin'ny Kaominina
- Manoro hevitra ny Ben'ny tanàna
- Mangataka fanazavana amin'ny Ben'ny tanàna raha misy tsy mazava

7- NY FIATREHANA NY MPANAO GAZETY NA VAHOAKA

Fampiaharana niaraha tamin'ny mpanao gazetin'ny RNM Antsiranana

Mila fiomanana mialoha ny kandidà rehefa hiatrika ny vahoaka na eny ankalamanjana na eny amin'ny haino aman-jery, toy ny fiankajoana, ny fomba fitenenana, tokony voafehy tsara ny tetikasam-piarahamonina mba haresy lahatra ny olona.

Rehefa tonga ny fotoana dia tsy tsara raha ianao no tara fahatongavana eo an-toerana fa mahasosotra ny olona

Eo am-pandraisana fitenenenana dia tokony mizara telo ny resaka atao eo :

Ny teny fampidirana no hiarahabana sy hisaorana ireo vahoaka tonga namaly antso, ary ny fampahafantarana ireo ekipa niara-dia tonga eo

Ny votoatin-dresaka no hamakafakana ny olana misy an-toerana izay azo vahana mandritra ny mandà sy fanolorana ireo vahaolana mifanadrify amin'izany ka mitarika amin'ny famelabelarana ny tetik'asam-piarahamonina izay aseho azy ireo

Ny teny famaranana no ampitana ny hafatra amin'ny rehetra mba handray anjara amin'ny fifidianana sy mitaona azy ireo hifidy ny tena no sady mampanantena azy ireo ny fahavonana sady manao fisaorana indray ireo naharitra nihaino hatramin'ny farany

8 – NY FANAOVANA TETIKASAM-PIARAHAMONINA

Nampafantarina ny mpandray anjara rehetra ny mahazava dehibe ity fanaovana tetikasam-piarahamonina ity satria ato no ahitana ny vinavina ny olona iray hilatsaka ho fidiana izay entina handresy lahatra ny mpifidy sy mba hahalany azy. Nojerena tao koa ny fandrafetana izany. Tsy maintsy fantarina ny olana misy eny ifotony ary ny tanjon'ny kandidà manoloana ny olana ka havadika tetikasa. Ilaina koa ny fahafantarana ny mahakasika ny kaominina: ny isan'ny mponina, velaran-tany, tontolo iainana ary ny fomba fandraisan'ny mponina anjara amin'ny fampandrosoana.





Fanazavana nentin'i Yasmine
Sary: AMINA

Nampafantarina ny mpandray anjara koa fa ny tetikasam-piarahamonina dia tsy misy fe-potoana fa ny mandat hitondrana andraikitra ihany no mametra azy. Tsy faritana anatiny koa ny tetibola ampiasaina amin'ny fanatanterahana ny asa

Mila mamaly ny filàn'ny lahy sy vavy koa ny tetikasam-piarahamonina, izany hoe miendrika miralenta. Asa an-tarika no nentina nandalina ny famolavolana ny tetikasam-piaraha-monina

Asa an-tarika

Fanolorana ny asa an-tarika

FAHATRATRANA NY TANJONA

- Niampy ny fahalalana azon'ny mpandray anjara momba ny Miralenta sy fiatrehana fifidianana Ben'ny tanàna sy mpanolo-tsaina
- Nandray anjara mavitrika izy ireo tamin'ny fanaovana tetikasam-piaraha-monina
- Manana ny fahavononana handray anjara amin'ny fifidianana izy ireo mba hanatratrarana ny tanjona 50/50 ny taona 2015.

IREO FANAMBY

- Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta sy ny fandaniana ny vehivavy
- Fanatanterahana ny paikady miralenta eo amin'ny kaomina
- Fandraisan' anjaran'ny vehivavy amin'ny fampandrosoana anivon'ny Kaominina

STAGE 7 ET 8
COMMUNE SAKARAMY – REGION DIANA
16 – 19 DECEMBRE 2014

Heure	Thème	Qui?	Documents utilisés lors de la formation
Jour 1			
8:00-8:30	Accueil des participants		
8:30-10 :00	Stage 6 commune sakaramy : • Mots de bienvenue • Présentation du plan d'action de la commune • Signature de l'engagement par la commune • Collation	Commune	Plan d'action Engagement
10 :00-11 :00	**Transfert dans la sale de formation**		
11:00–12 :30	Concept de l'approche genre	GL	Cartonnette
12 :30-14-00	**DEJEUNER**		
14:00-16:30	Stéréotypes Travail de groupe : 3 groupes Restitution	Amina	
JOUR 2			
08:30-8:45	Rappel du jour I	Formateurs et participants	
08:45-10:30	GENRE ET GOUVERNANCE : Accès Participation Changement Travail de groupe : 3 groupes Restitution	GL	Power point
10:30-10:45	**PAUSE CAFÉ**		
10 :45-11:45	Processus électoral : Avant, pendant et après élection	Yasmine	Power point
11 :45-12 :30	Besoins pratiques et stratégiques	Amina	
12:30- 14:00	**DEJEUNER**		
14:00-15:30	Décentralisation et Déconcentration Rôles des maires et conseillères	Amina	Power point
15:30-16:30	Prise des paroles en public	Ialfine	Power point
JOUR 3			
08:30-08:45	Rappel jour 2	Tous les participants	
08:45-09:45	Simulation prise de parole en public avec les journalistes	Journaliste - participants	

Heure	Thème	Qui?	Documents utilisés lors de la formation
09:45-10:30	Présentation canevas projet de société	Ialfine	Power point
10:30-10 :45	PAUSE CAFE		
10:45-12 :30	Travaux de groupe : 3 groupes	participants	
12:30- 14:00	**DEJEUNER**		
14:00–16 :00	Restitution travail de groupe	participants	
16 :00-16 :30	Administration et clôture		

Kaominina: SAKARAMY
Toerana: hotel AUBIERGE AMBOHITSARA
Date: 16, 17, 18 Décembre 2014

Ce projet est financé par l'Union Européenne

TOVANA B: FANAMARIHAM-PAHATONGAVANA

N°	ANARANA SY FANAMPINY	LAHY /VAVY	TOERAM-PIASANA SY ASA ATAO	TELEPHONE	E-MAIL
01	RAVONIMANGA Egyptienne	V	Menagere Joffre-ville	032 45 930 20	
02	JUSTINE	V	VICE PDTE Gonseil Joffre-ville	032 02 533 40	
03	HENRIETTE	V	Agent Communautaire Sakaramy	032 48 614 49	
04	MARLINE	V	Ass des femmes Joffre-ville		
05	SOAMAZAVA	V	A C Joffre-ville	033 32 770 84	
06	RAZAFINDRAMASY Soanirina Marie Angèle	V	Talen-tsekoly Sakaramy	032 60 622 07	
07	RASOAFARA	V	Mpamboly Sakaramy	032 28 753 83	
08	HOLANDY	V	Mpamboly Sakaramy		
09	VOLAZANDRY Christine	V	Menagerie Sakaramy	032 51 921 74	
10	BEZARA Veronique	V	Chef Secteur Joffre-Ville	032 48 122 98	
11	RAMAROJAONA Ravaoarisoa Lydia	V	Chef Fokontany Ambodimadiro	032 21 923 97	
12	SELESTINE	V	Mpamboly Sakaramy	034 25 406 85	
13	ZARASOA	V	Chef FKT Morafeno	032 59 063 09	
14	MORA Mariette	V	Commercant Sakaramy	033 83 903 63	
15	NORETTE	V	A C Sakaramy	032 44 639 03	
16	ROSETTE	V	Mpamboly Sakaramy	032 55 372 51	
17	VARASOA Marie Elène	V	Mpamboly Sakaramy		
18	SOATSARA Gladis Ester	V	Percepteur Sakaramy	032 62 104 04	
19	JOSIANE Dida	V	A C Joffre-ville	032 91 802 21	
20	LEHIBE Evelyne Edmond	V	Association des femmes Ankazomibaboka	032 64 473 22	

21	VOLAZARA	V	Mpamboly Sakaramy	032 55 501 03	
22	RAMAMONJY Anita	V	Association des femmes Sakaramy	032 84 545 79	
23	LARISSA	V	Mpamboly Joffre-ville	032 74 383 25	
24	FARAHANINA Myriam	V	Mpandraharaha Sakaramy	032 58 557 45	
25	MBOTY Amina Warda	V	Ass Tsaralaza Antafimalama	032 40 588 87	
26	Samira Abdoul	V	Ass Tsaralaza Antafiamalama	032 42 506 59	
27	LAZATENY Moraliny	V	Mpamboly Sakaramy		
28	LIDITTE Angèle	V	Ass 8 Mars Antanamitarana	032 11 063 13	
29	RAZANATAFIKA Rosette	V	Ass des femmes Joffre-ville	032 88 933 38	
30	ZANAMINO Josoa	V	Ass des femmes Joffre-ville	032 11 064 32	
31	MOANASOA Robine	V	SATI Joffre-ville	034 07 084 30	
32	SIBO Denise	V	Chef FKT Joffre-ville	032 87 166 55	
33	RABENANTOANDRO Gladys	V	Journaliste	032 40 176 65	
34	MASITOMBO	V	A C Sakaramy		
35	ODILE	V	Vehivavy 8 Mars Antafiamalama		
36	BEJOMA Juliette	V	AC Antsahampano		
37	RASOANIRINA Angeline	V	Mpamboly Antanamitarana		
38	VOLAZARA Francette	V	Ass des femmes Anketra be		
39	FLORENTINE	V	Mpamboly Antsahampano		
40	MORA Sylviane	V	Menagère Antongombato		
41	AMINA	V	Facilitatrice	032 02 616 59	
42	ANDRIANTSOLY AHMADA Yasmine	V	Facilitatrice	032 11 063 15	

Lahy	00	00 %
Vavy	**42**	**100%**

TOVANA C: TOMBAN'NY ATRIKASA

Firenena	MADAGASIKARA					
Sexe	Male 00 Female 40					
Faritra	DIANA					
Kaominina	SAKARAMY					
Taona	12 - 17 ☐	18 -30 3	31- 40 14	41 – 50 13	51 – 60 09	60 + 01
Fianarana	Ambaratonga voalohany 10	Ambaratonga faharoa 23	Oniversite 3	Fanofanana ara-kasa 1	Fampianarana olon-dehibe 3	

	Naoty /10
1. FIZOTRY NY FANDAHARAM-POTOANA	**9**
2. NY VOTOATINY	**9**
3. TAHIRIN-KEVITRA	**8.5**
4. FOMBA FAMPITAN-KEVITRA AVY AMIN'NY TOMPON'ANDRAIKITRA	**9**
5. ASA ISAM-BAOMIERA	**9**
6. VOKATRA TSARA	**9**
7. VOKATRA TRATRA MIOATRA AMIN'NY TANJONA NAPETRAKA	**8**
8. FAHALALANA AZO	**9**
9. TOMBOTSOA AMIN'NY FIVELARANA	**9**
10. FANDAMINANA ANKAPOBENY (Toerana, sakafo, sns)	**9**

FANAMARIHANA

1. **Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao? Antony?**

- Ny Miralenta satria nahafantarako bebe kokoa momba azy sy nahafantarako ny fiheverana raikitapisaka novolavolain'ny fiarahamonina
- Fidirana amin'ny Fitondrana satria niala tamiko ny raikitapisaka
- Ny asan'ny Ben'ny Tanana sy ny mpanolotsaina
- Ny raikitapisaka satria ilaina amin'ny fivelaran-tsaina ara sosialy,niova ny toetsaina
- Ny Miralenta sy ny Fifidianana satria
- Tiako daholo satria nahazoako fahalalana ,mampisokatra ny maso,ilaina amin'ny fampivoarana sy fampandrosoana ny fiarahamonina sy ny Faritra
- Ireo dingana arahina amin'ny fifidianana satria vitsy ny vehivavy mpanolotsaika
- Fanazavana mikasika ny Fitsinjam-pahaefana sy ny fanapariaham-pahefana
- Asan-tarika mikasika ny fifidianana
- Ny Miralenta sy fitondram-panjakana satria nahafantarana ny maha-zava-dehibe ny fandraisana anjara amin'ny fitondrana
- Fitnenenana imasom-bahoaka sy mpanao gazety satria tena sarotra amiko te aloha

2- Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina loatra? Antony?

Samy ilaina daholo

3- Ahoana no mety ampiharanao ireo fahalalana noratovinao teto amin'ny fiofanana?

-Ampafantariko ny vehivavy an-tanana syn ny vahoaka ny zavatra nianarako tato
-Mamerina ny fahalalana azo tato
-Mandray anjara amin'ny fifidianana ho avy
-Fanentanana ny mpikambana
-Mampita amin'ireo Ben'ny Tanana sy mpanolotsaina
-Hatomboko sy hampihariko amin'ny tokatrano izay vao mandresy lahatra ny hafa
-Fampitana amin'ny fiarahamonina sy fiainana andavan'andro sy amin(ny propangandy
-Manentana ny rehetra hampandroso ny faritra
-Mandresy lahatra ny fianakaviana sy namana an-tanana
-Sahy mijoro tsy menatra
-Fivoriam-pokonolona

Fanamarihana hafa?

-Tsara ny fiofanana ka maniry ny fitohizany alohan'ny fifidianana Ben'ny tanàna ,satria mitarika amin'ny fanovana ho an'ny fampandrosoana
-Misaotra ny mpampiofana nanome fahalalana be ny vehivavy sy ny mpampiantrano
-Tena nahafapo zaho ny zavatra natao tato rehetra satria maro ny raha fantako
-Mba hilatsaka ho fidina ny lahy sy ny vavy